Aiza no Misy ny Maty? Fizarana 2

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 6, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

EFA FIKASAN'ANDRIAMANITRA VE NY HOE HO FATY NY OLOMBELONA?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe eny?

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe tsia?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Tsy hoe tsy azo nialana ny fahafatesana.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 6, fehintsoratra 9-14.)

Vakio ny Genesisy 2:16, 17.

Araka io andinin-teny io, inona ihany no mety hahatonga an'i Adama ho faty?

Mety ho mbola velona ve i Adama amin'izao raha nankatò an'Andriamanitra?

Mampitandrina ny marary ny dokotera rehefa misy zavatra mety hampidi-doza azy. Toy izany koa fa nampitandrina an'i Adama sy Eva i Jehovah hoe inona no mety hitondra loza ho azy ireo

www.jw.org © 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Be fitiavana ilay Mpamorona antsika ka tiany ho velona ny mpanompony.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 6, fehintsoratra 15-20.)

Vakio ny 1 Jaona 4:8.

Inona no toetra mampiavaka an'i Jehovah?

Vakio ny Asan'ny Apostoly 24:15 sy ny Apokalypsy 4:11.

Inona no asehon'ireo andinin-teny ireo momba an'i Jehovah?

Fantatrao izao ny antony mahatonga antsika ho faty. Inona no vokatr'izany eo amin'ny fomba fiheveranao an'i Jehovah Andriamanitra?

www.jw.org © 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Napetrak'Andriamanitra eto an-tany isika satria tiany hotsapaina alohan'ny hiakarantsika any an-danitra.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Betsaka ny olona miombon-kevitra amin'izany. Tsy mino an'izany anefa aho satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Tsy maintsy maty daholo ny olona satria efa anisan'ny fiainana izany.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Marina fa tsy maintsy maty daholo ny olona amin'izao. Tsy mino anefa aho hoe anisan'ny fikasan'Andriamanitra ho an'ny olombelona ny fahafatesana satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2015 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania